# Fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy

25 ôktôbra 2016

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

*Nalaina avy tao amin'ny Sujets de l'Évangile ao amin'ny topics.lds.org:*

Ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia ilazana ny fifanintonana ara-pihetseham-po na ara-batana na ara-pitiavana tsapan'ny lehilahy iray amin'ny lehilahy iray na tsapan'ny vehivavy iray amin'ny vehivavy iray. Tsy mitovy ny fahatsapan'ny tsirairay ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy. Ny olona sasany dia mety mahatsapa ho voasarika amin'ny lehilahy fotsiny raha lehilahy izy ary amin'ny vehivavy fotsiny raha vehivavy izy, fa ny sasany kosa dia mety mahatsapa ho sady voasarika amin'ny lehilahy no voasarika amin'ny vehivavy.

Ny Fiangonana dia manavaka tsara ny fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy sy ny fanaovana firaisana ara-nofo eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy. Ny olona izay mahatsapa fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy na mihevitra ny tenany ho lehilahy tia lehilahy, na vehivavy tia vehivavy, na sady tia lehilahy no tia vehivavy dia mahazo manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra sy mitandrina izany ary mandray anjara tanteraka sy amim-pahamendrehana ato am-piangonana. Ny fiheverena ny tena ho lehilahy tia lehilahy, na vehivavy tia vehivavy, na sady tia lehilahy no tia vehivavy, na ny fahatsapana fifanintonana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia tsy fahotana ary tsy manakana ny olona iray handray anjara ato am-piangonana, na hanana antso na handeha any amin'ny tempoly.

Ampahany tena manan-danja ao amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fahasambarantsika ny fahadiovam-pitondrantena. Ny firaisana ara-nofo dia natokana ho an'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray mpivady izay nampanantena ny hifaneho fahatokiana tanteraka. Ny firaisana ara-nofo eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray tsy mpivady na eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy dia mandika ny iray amin'ireo lalàna manan-danja indrindra amin'ny Raintsika any An-danitra ary manembantsembana ny fivoarantsika mandrakizay. Ny olona izay mandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena dia afaka miverina mihavana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahana na voasarika amin'ny lehilahy izy na voasarika amin'ny vehivavy. Amin'ny maha-mpanaradia an'i Kristy antsika dia manohitra ny fitondrantena maloto isika ary miezaka ny ho tonga tahaka Azy. Mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina sy ny fanampian'ny Mpamonjy, izay mahafantatra ny fomba hanampiana antsika isika rehefa alaim-panahy (jereo ny 1 Korintiana 10:13; F&F 62:1). Raha resin'ny fakam-panahy ara-nofo isika ka mandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, dia afaka mibebaka sy mahazo famelan-keloka ary mandray anjara amin'ny maha-mpikambana feno ao amin'ny Fiangonana.

Mety tsy tena fantatsika tsara hoe nahoana ny olona sasany no voasarika amin'ny olona hafa izay lehilahy raha lehilahy izy na amin'ny vehivavy raha vehivavy izy, saingy ho an'ny sasany izany dia zavatra mitranga ary anisan'ny fiainan'ny olombelona izay sarotra takarina. I Jesoa Kristy Mpamonjy dia manana fahatakarana tonga lafatra ny olana rehetra iainantsika eto an-tany, ary afaka mitodika any Aminy isika raha hitady fampiononana, fifaliana, fanantenana ary fitarihana (jereo ny Almà 7:11–12). Na inona na inona olana atrehintsika eo amin'ny fiainana dia zanak'Andriamanitra avokoa isika rehetra, mendrika ny hatsaram-panahy sy ny fangorahana avy amin'ny tsirairay (Romana 8:16–17). Rehefa mamorona tontolo misy fifanohanana isika dia manorina ny fiantrana sy fangorahana eo amintsika samy isika ary mandray soa avy amin'ireo fomba fijerintsika sy finoantsika mitambatra.

Fandikana ny *Same-Sex Attraction.* Malagasy. 14415 654